

# **MILAZA ZAVATRA ATAO MIARAKA AMIN'NY FOTOANA IRAY MAMPIASA "while"**

Ny "while", dia ampiasaina amin'ny teny Anglisy entina milaza zavatra samy hafa atao na mitranga amin'ny fotoana iray. Tahaka ny hita amin'ny teny Malagasy hoe "Mijery tele eo am-pisakafoanana izy." na "Sady mandihy izy no mihira."

Raha tsy misy subject eo alohoan'ny verb ialohavan'ny "while", dia maka endrika (-ing) ny verb. Azo atao ihany koa ny mametraka azy eo amin'ny fiandohana na eo afovoan'ny fehezanteny.

## Examples:

- While dancing, they kiss. / Mifanoroka eo am-pandihizana izy ireo.
- While having dinner, we watch the news on TV. / Sady mijery vaovao eo amin'ny tele izahay no misakafo hariva.
- While walking, Edward is listening to music. / Sady mihaino hirahira i Edward no mizotra.
- They are laughing while revising their lessons. / Sady mihomehy izy ireo no miana-desona.
- Alice works in a company while studying. / Sady miasa i Alice no mianatra eny amin'ny anjery manontolo.

Afaka mampifandray fehezanteny roa feno ihany koa ny "while" ka maneho zavatra ataon'ny subject iray miaraka na subjects samy hafa.

## **(S + V + C) + (S + V + C)**

## Examples:

- While Simon does the cleaning, he cooks lunch. / Sady manao asa fanadiovana i Simon no mahandro sakafo antoandro.
- On weekends, while mom washes clothes, dad weeds the garden. / Rehefa faran'ny herinandro, dia manasa lamba i neny, i dada kosa miava zaridaina.
- Students chat while the teacher explains the lessons. / Mitabataba ny mpianatra mandritra ny fanazavan'ny mpampianatra ny lesona.
- While they are working, they are singing. / Sady mihira izy ireo no miasa.

<b>dance:</b>	mandihy
<b>kiss:</b>	manoroka, mifanoroka
<b>have dinner:</b>	misakafo hariva
<b>watch:</b>	mijery
<b>news:</b>	vaovao
<b>walk:</b>	mandeha, mizotra
<b>listen:</b>	mihaino
<b>music:</b>	mozika, hirahira
<b>laugh:</b>	mihomehy
<b>revise lessons:</b>	miana-desona
<b>work:</b>	miasa
<b>company:</b>	orinasa
<b>study:</b>	mianatra
<b>do the cleaning:</b>	manao ny asa fanadiovana
<b>cook:</b>	mahandro
<b>lunch:</b>	sakafo antoandro
<b>wash:</b>	manasa
<b>cloth:</b>	akanjo
<b>weed:</b>	miava
<b>garden:</b>	zaridaina
<b>student:</b>	mpianatra
<b>chat:</b>	miresaka, mitabataba
<b>explain:</b>	manazava
<b>lesson:</b>	lesona
<b>sing:</b>	mihira
<b>stay:</b>	mijanona
<b>office:</b>	birao

- Can you stay with me while I work in my office? / Afaka mijanaona miaraka amiko ve ianao rehefa miasa ato amin'ny biraoko aho?

Anglais Français en Ligne